Filoha Marc Ravalomanana

## Very namana isika nilaozan'i Manandafy 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 19 marsa 2019 | Laharana 888 | Vidiny : 400 Ar


**Deotoronomia 18: 18-19** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 120), Madagasikara 16 martsa 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fifidianana solombavambahoaka** 2

# Tsy hanaiky hala-bato ny antoko TIM









**RAMBOASALAMA EMILIEN SY NY MPIRAY LISITRA** 2

## Hany kandidan'ny TIM ao amin'ny Boriboritany faha-4



**BNI Andranonahoatra Itaosy** 6

## Olona handrotsaka vola voatafika, niparitaka ny volabe

**Vary mora** 3

## Ny tsara tsy mba mora izany

**Fanamarihana ny 29 martsa 1947** 6

## Toa mbola mantamanta ny fanomanana

**Daka kely**

Toa nifindran'ny aretin'i Mampiesona koa ialahy ry Boaikely a !

**Varotra sy fanjifana** 7

## Ho volana feno fifaliana ny volana martsa miaraka amin'ny Baolai



FILOHA RAVALOMANANA

## Very namana isika nilaozan'i Manandafy

Tonga nitsapa alahelo ny fianakavian'i Manandafy Rakotonirina, tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny Kolontsaina Mahamasina ny alahady hariva teo, ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM, teo ihany koa ny avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), notarihan'ny ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana. Lavo ny andrarezin'ny politisianina malagasy, nodimandry i Manandafy Rakotonirina filoha mpanorina ny antoko MFM, teo amin'ny faha 80 taonany. Mpanao politika nanana ny naha izy azy, nikoizan'ny rehetra teo amin'ny fanaovana paolitika, efa



mpampianatra teny amin'ny Anjerimanontolo, efa CSR na mpikambana tamin'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolompiavotana izy tamin'ny fitondran'ny Amiraly Didier Ratsiraka, efa mpikambana tao amin'ny FNDR, na ny Mandatehezana Miaro ny Revolisiona, efa mpiara-nitantana ny CRES, tamin'ny Pastora Andriamanjato Richard, na ny Filan-kevitra aratoekarena sy ara-tsosialy, tamin'ny tetezamita tamin'ny taona 1991, efa depioten'i Manandriana. Niara- niombona alahelo tamin'ny fianakavian'Itompokolahy ireo politisianina namany, anisan'izany ny filoha Marc Ravalomanana mivady sy ny antoko TIKO i Madagasikara (TIM) ary ireo solombavambahoaka, senatera sy ny ao anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra. Ny filoha Marc Ravalomanana izay nanambara fa very namana isika nilaozan'i Manandafy Rakotonirina. Isan'ny fakan-tahaka ary nampianatra azy teo amin'ny fanaovana politika tokoa i Manandafy raha ny nambarany, nibahana tao ampony ny fitiavantanindrazana, ny hikatsaka hatrany ny hahasoa ny mpiara-belona, mpinamana niara-nifampizara hevitra hatrany izy ireo, tsikaritra izany nandritra ny fandresendahatra tamin'ny fifidianana farany teo iny, ka nanohanan'i Manandafy Rakotonirina ny K25. Raha ny fandaharampotoana dia omaly alatsinainy no nitondrana ny razana nankany amin'ny tany niaviany dia any amin'ny distrikan'i Manandriana, faritra Amoron'i Mania, toerana handevenana an 'Itompokolahy rahampitso alarobia.

***Helisoa***

Fifidianana depiote

## Tsy hanaiky hala-bato ny antoko TIM

Kandidà depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) maromaro no nihaona, na nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra tamin'ny vahoaka mpifidy ny faran'ny herinandro teo, na teto an-drenivohitra sy ny manodidina, na tany amin'ny faritra. Toy izany ny teny amin'ny Boriboritany faha-2, Antananarivo, ny tao amin'ny Boriboritany faha-4, ny tany Morombe any amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Anisan'ny nisongadina tamin'izany, fa tsy hanaiky ny mety ho fisian'ny hala-bato ny antoko TIM sy ireo kandidà depiote mirotsaka amin'ity antoko tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Ho an'ny tetsy amin'ny Boriboritany faha-2, tonga ny fotoana nanatanterahana ny fifampiarahabàna tratry ny taona teo amin'ny solontenan'ny mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM) manerana ny boriboritany faha-2, Antananarivo Renivohitra, ny sabotsy lasa teo tao Ambohitsoa. Solontena



isam-pokontany aloha no tonga nanatrika ny fotoana tamin'io andro io, fa mbola hisy ny fihaonana amin'ny mpikatroka rehetra isaky ny zone, araka ny daty omen'ny tsirairay avy hoy ny depiote teo aloha tao an-toerana Randrianarisoa Stanislas, na Rastany, noho ny fahateren'ny toerana sy fandaminana. Tao anatin'izany no nanoloran'ny filohan'ny DISTIM ao amin'ny boriboritany faharoa, tarihin'ny filohany Dera Randriamalala, ireo kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara ao amin'ny boriboritany faha-2, dia ny depiote teo aloha Randrianarisoa Stanislas no lohalisitra amin'izany. Manaraka azy laharana faha-2, Rabenandrasana Tahinjanahary, faha3 Razandrindrainy Longin ary Ravomanana Mamy Nirina no faha-4. Tsy folaka fa mandefitra ny Tiako i Madagasikara eto amin'ny boriboritany faha-2, tsy resy fa ninia nanaiky ho resy hoy ny filohan'ny DISTIM Dera Randriamalala tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo raha nandray fitenenana izy. Fa amin'ity fifidianana Depiote ity, hiady mafy isika hoy izy mba ho azontsika ny toerana 2. Ny depiote Rastany indray dia nanambara fa nisy ny ezaka efa natao tamin'ny fotoam-piasana voalohany naha depiote anay tamin'ny fanamboarana fotodrafitr'asa sy fanaovana asa soa, na tsy andraikitry ny depiote mpanao lalàna aza izany. Mbola mila tohizana izany hoy izy, ka tsy hikely soroka aho hoy Rastany fa hanao ny ezaka rehetra anasoavana ny boriboritany faha-2 raha mbola omen' ny vahoaka fitokisana. Ny ratsy anefa tsy kely lalana, ary efa maheno siosio izahay fa efa misy sahady ny manao ny tetika hangalaram-bato. Koa mampitandrina izahay hoy izy fa tsy hanaiky mora hoy ny kandida Rastany, ary eto dia efa miantso ny Bianco sahady handray andraikitra mikasika izany. Taorian'ny kabary maro samihafa dia nitohy tamin' ny fiarahana misakafo sy fanapahana ny mofomamy noho ny fahatongavan'ny Asaramanitra, izay niarahan'ny rehetra ny fotoana.

***Helisoa***

Distrikan'i Morombe

## Eddie Edouard no kandidà depioten'ny antoko TIM



*Eddie Edouard any Morombe, nahazo tso-drano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana.*

Tafapetraka ny herinandro teo ny antontan-taratasy firotsahan-kofidian'ny kandidà depiote TIM, na Tiako i Madagasikara any amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Eddie Edouard no kandidà depioten'ny TIM any an-toerana, nahazo tso-drano tamin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana. Laharana faha-2 kosa Andriamatoa Azady, izay ben'ny tanànan'Ambahikily any Morombe. Araka ny nambaran'izy ireo, vonona hiatrika ny fifidianana depiote ny antoko TIM any Morombe, efa mipetrapetraka ny toromarika any amin' ny fototra amin'ireo Kaominina 9 mandrafitra ity distrika ity. Mikasika ny feo mandeha amin' ny mety hisian'ny halabato indray amin'io fifidianana depiote io, nanambara ny kandidà ny TIM any Morombe fa nametraka ny arofanina ho amin' izany izy ireo, na izany aza, miantso ny rehetra ho mailo hatrany izy ireo.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Vary mora : fitondrana tsy mitsinjo ny tambanivohitra

Nodradradradraina sy nanaovana Tam-Tam fa eny ambony sambo ary tonga ny vary mora 16.500 taonina, hamidy amin'ny vidiny mora, antsasa-bidy, hoan'ny vahoaka. Dia zendana ny mpanara-baovao fa toa hamono ny tambanivohitra tantsaha mpamboly sy mpamokatra vary indray izy ity. Ny vary aloha efa miakatra toy izany koa ny vakiambiaty efa hiakatra, ka raha izao vao tonga ilay Vary Mora dia ho very fanahy mbola velona ireo tantsaha, ka mety hisy fiantraikany any amin'ny vidin'ny vary avy eto antoerana. Hihena ny vola miditra amin'izy ireo fa ireo mpandraharaha mpanafatra vary indray no hatavy mandritra ny fiakaran'ny vary any ambanivolo rehetra any. Raha ny tokony ho izy dia ny volana Janoary sy ny tapan'ny volana Febroary iny no tena maitso ahitra hoan'ny mpamboly ary io fotoana io no tokony nahatongavan'ny Vary Mora, amin'izay fotoana izay dia voatazona ny fidangan'ny vidin'ny vary eto amintsika. Voatsinjo avokoa ny rehetra, na ny mpanjifa io, na ny mpivarotra ary ny fitondrana ihany koa. Dia tsy maintsy sahirana indray izany ny tantsaha Malagasy izay lazaina fa maro an'isa, efa mananika ny 80%-ny vahoaka mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana. Inona marina izany no tena ataon'ny fitondrana, ny mpandraharaha efa manankarena ve no velomina sa ny vahoaka Malagasy? Tsy sanatria hoe manakiana be fahatany fa raha fitondrana tena mitsinjo ny mponina ao aminy dia ny maro an'isa aloha no ampiana, izay ilay fanjakana mahay mitantana. Mety hisy indray hilaza fa tsy miankina amin'ny fitondrana ny fahataran'ny fahatongavan'ny Vary Mora. Mety ho marina izany, fa raha ny hita hatramin'izay aloha dia natao ho fanambatambazana sy fisaorana izay faritra be mpifidy ny Mapar sy ny TGV no nahamaika azy ireo. Ireo tena sahirana dia tsy afa-manoatra ary miandry fa Gasy.

***Rajaonarimpanontsana***

Maevatanana

## Zoky Erick no kandidan'ny antoko TIM



Nazava tamin'ny vahoakan'ny distrikan'i Maevatanana faritra Betsiboka, fa ny kandida Zoky Eric no kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao an-toerana, hipoka tanteraka ny kianja filalaovam-baolina tany amin'ny Kaominina Ambalanjanakomby ny faran'ny herinandro teo, raha nandray ireo Kandida mirahalahy avy amin'ny antoko TIM, Zoky Eric sy Rivo Distim tany an-toerana, fampahafantarana azy ireo no natao, tonga tao ny Filohan'ny Reg-Tim Betsiboka Andriamatoa Germain sy ny filohan'ny Vehivavy Tiako Betsiboka Ramatoa Angeline ary ny filohan'ny Tanora TIM Maevatanana, Manankevitra, notronin'ny ben'ny tanàna sy ireo Tangalamena, tanora, vehivavy, ary ireo olon-tsotra maro, hipoka indray ny trano rehefa avy teny an-kianja filalaovam-baolina narahin'ireo vahoaka marobe, nirohotra nanaraka azy ireo teo amin'ilay tranon'i Maman'i Elicia Ambalanjanakomby, toerana nandraisan'ny COM-TIM azy ireo manokana. Nazava ny resaka teto ary vaky ambatolampy ny marina, fa Ambalanjanakomby tsy miala amin'ny TIM. Ianareo mirahalahy Kandida TIM ireo dia samy fantatray tsara satria samy zanak'i Maevatanana ianareo 02 lahy ireo hoy ny solontenam-pokonolona raha nandray ny fitenenana, Nandalo olana maro ity tanànan'Ambalanjanakomby ity indrindra fa ny tsy fandrihampahalemana ary tena nahamay tokoa ny teto aminay, ianao Zoky Eric no hitanay ireto maso nitam-basy niaraka taminay vahoaka sy ny Zandary teto aminay, nisava ireo kizo rehetra taty aminay ary tsy niverin-dalana. Tsy mila olona tsy mijery anay izany izahay, ka hoe rehefa fifidianana dia milaza fa hoe akaiky anay vahoakan'Ambalanjanakomby hilaza izao ronono an-tavy rehetra izao, tonga tamin'ny 02 ora tolakandro tany an-toerana ireto Kandida: Zoky Eric sy Rivo DISTIM ireto ary ireo Delegasiona maro niaraka tamin'izy ireo, tsy navelan'ireo vahoaka marobe nody raha tsy tamin'ny 7 Ora Alina.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Vary mora, ny tsara tsy mba mora izany

Migadona eto amin'ny firenena ny vary nafarana avy any ivelany tamin'ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina, vary nafarana avy any Pakistan ary ilay antsoina hoe vary mora. Vary ambara fa tsara kalitao, hono. Mametra-panontaniana ihany ny amin'izay hoe : vary tsara ve ho mora ny vidiny ? Tsara koa ny milaza fa tsy ny any Pakistan no tsara vary indrindra raha any Azia, fa i Cambodge no lohalaharana amin'io vokatra io, ary arahin'i Vietnam. Ny vary eto Madagasikara ihany koa tsy ho ambakan'ny vary amin'io firenena io, fa dia nanafatra tany aloha izany isika. Nambara fa fianakaviana sahirana manerana ny Nosy no hivarotana io vary io amin'ny vidiny mora. Ho hita eo ny fitsinjarana izany. Fa ny tsikaritra dia feno fanahiana ny tantsaha amin'ny faritra maro, satria mety hisy fiantraikany amin'ny vidim-bokany izany. Ny mpanjifa mpihinana hotsinjovina ho faly, fa ny mpamokatra mpivarotra hijotso ny seha-pihariany. Hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny tantsaha araka izany ity resaka vary mora ity raha vita ara-kajy tsara. Efa olana tany amin'ny andron-dRatsiraka ny fandanjalanjana io vidim-bary eny amin'ny mpanjifa sy ny vidin'ny vokatra vokarin'ny tantsaha. Mazava loatra fa hiraviravy tanana ireto farany raha tsy hopotehin'ny vidim-bary avy any ivelany ny vidim-bokany. Miendrika fanapotehana ny tsena anatiny rahateo izany ary tsy mahatsara ny toe-karena amin'ny ankapobeny. Tsy tokony hohadinoina fa mbola eo amin'ny manodidina ny 75 -80%-n'ny Malagasy no tantsaha. Mila politika mazava sy hentitra feno fahendrena ny momba azy ireo, fa tsy vitan'ny taitaitra fotsiny. Mampieritreritra aza ny amin'ny vinan'ny fitondrana ny amin'ny hanokatra tany fambolena midadasika vaovao. Tsy lavina fa tena ilaina izany ary tokony hatao tokoa. Saingy hanao ahoana ny amin'ireo tantsaha ireo, moa asaina hiova fihariana izany izy ireo? Satria tsy haharaka ny amin'izay mety ho vidim-bokatra sy ny habetsaham-bokatra mitobaka eo amin'ny tsena, na ato anatiny, na any ivelany izy ireo. Ho hain'ity fitondrana ity ve ny hamaha izany olana izany? Ny amiraly tamin'ny fotoan'androny izay namirapiratany aloha dia tsy nahita hirika tamin'ny vahaolana. Ny Filoha Ravalomanana teo an-dalam-pamahana ny olana no nokatsanana ny fitondrany dia hita niharihary ny vokatra. Andrasana izay fisehony àry amin'ity fitondrana ankehitriny ity.

***Sôh'son***

**RAMBOASALAMA EMILIEN SY NY MPIRAY LISITRA**

# Hany kandidan'ny TIM ao amin'ny Boriboritany faha-4

Efa fantatra avokoa ankehitriny ireo kandida depiote natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) manerana an'i Madagasikara. Raha ho an'ny boriboritany faha4 manokana dia ny kandida Ramboasalama Emilien irery ihany no kandidan'ny TIM nahazo ny tsodrano avy amin'ny filoha nasionalin' ny antoko Tiako i Madagasikara dia ny filoha Marc Ravalomanana, ary nankatoavin'ny fototra (base) ny fanolorana azy ho kandida. Manoloana izany, tsy misy intsony ny sakantsakana fa roso ny dia, vonona ny kandida Ramboasalama sy ny mpiray lisitra aminy, miaraka amin'ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara, ka ny tanjona dia ny hampitambatra ny hery rehetra mba hitondra ho any amin'ny fandresena. Raha ny zavatra misy ankehitriny dia asa tonga dia vavany ny an'ny kandida Ramboasalama Emilien, ka nisy ny fijereny ny olana mahazo ny mponina ao amin'ny faritra maro ao amin'ny boriboritany faha-4. Avy hatrany izy dia manome vahaolana, ka na tsy andraikitry ny depiote aza ny manamboatra fotodrafitr'asa, dia niezaka izy nanamboatra ny tetezana izay mampijaly ny mponina tao Maroroho Tsimbazaza. Teo ihany koa ny nanamboarany ny lalana teo amin'ny CEG Anosibe ny faran'ny herinandro teo, izay efa nampikaikaika ireo mponina sy ireo mpianatra noho ny fotaka mandrevo rehefa avy ny orana.




***Ny Valosoa***

Andry Rajoelina

# Ho tena sahy hitaky ny Iles Eparses toy ny Maorisiana ve ?

Nandritra ny fitsidihan'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina an'i Maorisy dia nilaza tamin'ny filoha mpisolo teorana Maorisiana, Paramasivum Pillay Vyapoory ny tenany, fa azo halain-tahaka ny nataon'i Maorisy tamin' ny nandefasana taratasy tany amin'ny Fitsarana Iraisam-pirenena, tany La Haye Pays-Bas, ny hamerenana ny Archipel des Chagos ho fananan'i Maorisy, izay nobodoin'ny Britanika. Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: ho sahy hanao torak'izany tokoa ary ve ny filoha Rajoelina sa dia fandokafana an'i Maorisy fotsiny ihany. I Madagasikara anefa iaraha-mahalala fa ny mpanjanatany Frantsay no tena nibodo sy nanjanaka antsika ary hatramin'izao dia mbola lasan'ny Frantsay ireo Iles Eparses ireo izay tany tokony haverina amintsika araka ny Résolution, na ny fanapahankevitry ny Firenena Mikambana ny Desambra 1979. Tsy voaresak'i Andry Rajoelina akory izany tamin'ny fihaonany tamin'ny Filoha Frantsay Emmanuel Macron, tatsy Nairobi Kenya, nandritra ny One Planet Summit. Ankoatr'izany, tsy takona afenina ihany koa fa ny Frantsay no tao ambadik'ireny fanonganampanjakana ny taona 2009 ireny ary vao tamin' ny farany teo dia ny filoha Frantsay teo aloha Nicolas Sarkozy mihitsy no tonga teto amintsika nasain-dRajoelina hanatrika ny fametrahana azy eo amin'ny toerany tetsy Mahamasina. Sarotra inoana araka izany ny hitakian'ity fitondrana ity ireo Nosintsika ireo raha araka ny fahitana azy. Ny filoham-pirenena Malagasy mihitsy no miray tendro amin'ny Frantsay ka nahoana no homen' ireo mena sofina ireo ny Iles Eparses izay efa feno miaramila teratany Frantsay miaraka amin' ny toeram-piantsonana Stratejika, sady feno harena an-kibon'ny tany tsy hita noanoa ao anatin'io fari-dranomasina io. Fomba fiteny Diplomatika avokoa sady miharo fialana bala ihany no nataon'ny filoham-pirenena Malagasy tatsy Maorisy fa mody mampiesona fotsiny eo. Toa mbola mpampiesona noho ilay raikalahy teo aloha koa ity filoha ankehitriny ity!



***Rajaonarimpanontsana***

## NY TENY FIAINANA

***Isaia 25:9***

*Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika; indro Jehovah, izay nandrasan-tsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin'ny famonjeny isika.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Tsy mahatanty fifaninanana, misy miezaka manaratsy ny Tiko sy ny vokatra vokariny



**Andriamihaja Kevin** : miketriketrika mafy ry made in vazaha dia miezaka manaratsy ny vita Malagasy ! Toe-tsaina mifotetaka @... ! tsy mahatanty fifaninanana ary ny gasy maivan-doha sasany koa no anisan'ny manao izany.

**Joseph Henintsoa Nantenaina** : looooza tokoa, satria ny vokatra Tiko dia manana ny maha-izy azy hatrany ivelany hatramin'izay ka hatramin'izao.

**Andriamihaja Kevin** : notezaina hietraketraka @ Malagasy mitovy aminy ihany ny malagasy ! Ratsy loha ny sasany tssssss!

**Jean Marie Pacôme** : ka importé anie zany oe vary stock sy akanjo nilon zany e, d mba hizesten'ny sasany.

**Tantely Randrianjafy** : tsara a!!! Mahasalama a ! hafa ihany ny vokatra vokarin'ny orinasa Malagasy Tiko, na dobera io, na fromazy,…

**Fenohery Jujube Volasoa** : zany vokatra vokarin'ny tiko zany tsara sady mahasalama, anisan'ny tsar any vokatra Tiko eo amin'ny seha-pihariana misy azy dia ny fanodinana ronono, voakanzo, zava-pisotro,…

**Gérard Ramanantsoa** : fitiavana n vahiny no lehib indrindr ho an'ny fitondran-dRajoelina amin'izao fotoana.

**Mïckaëlle Mamïe Andriamalala** : TIKO ihany ny antsika e! TSARA....MAHASALAMA, vita Malagasy.

**Faraniaina Andrianarisoa** : tsy hahafaty ny Tiko = Tena Izy ka Omeko " izany, ny made in Vazaha e! Sady ny Tiko ange vokatra nahazo ny tsodranon'Andriamanitra e!

**Marthe Raharivelo** : tsy ny rehetr no tsy tia ny vokatra Malagasy, fa ireo rajakom- bazaha efa lomorina. Hafa ihany ny Tiko, vokatra tena manaraka ny fenitra iraisam-pirenena.

## TONONKALO

# Ny fitiavana inona no lehibe indrindra ?

Minisitra fotoana fohy dia mihetsika ho solombava ?
(Lany ve ny "olon-tsara" ? Hazavao fa tsy mazava !)
Ny etsy mbola vao manomboka, dia ilaozana sahady,
Sa izay ilay "politika", tsy hainay "donto", "mafy ady" ?

Inona ary no mibaiko ? sa ilay hoe "fitiavan-tseza" ?
Hampisandratra, hampangetroka, hahatonga mba ho ngeza
? Angamba tena tsy talenta, tamin`ny toera-nanendrena
Na koa be ny olana ao k`aleo hiala am-pahendrena ?

Minisitra fotoana fohy dia mihetsika ho solombava ?
Sao miampanga tena kosa fa sokajin`ny mpandrava ?
Fa toa volana no isaina dia hiova ny mozika,
Sa izay ilay tetikady, fikafika politika ?

… Ny safidy moa malalaka, misy koa ny fahafahana.
Saingy mahalasa saina, inona àry no mibahana ?
Ny "fitiavan-tseza" hatrany, ka ny tetika no arindra,
Fa dia io ilay hoe fitiavana lehibe sy kanto indrindra ?

***DADAN'i ZINA (15-03-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanamboarana ny tsenan'ny solomaso etsy Andravoahangy ataon'ny CUA.





Fanadiovana tatatra ao amin'ny Boriborintany faha-6.





## Sakafo Ny Valosoa



Vary sy korizety, io indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Akora ilaina : Vary, korizety, voatabia, tongolo gasy, persil, sira, menaka. Fomba fikarakarana azy: sasana sy borosina ny korizety dia tetehina vaventiventy. Sasana ihany koa ny voatabia. Avy eo dia sasana madio ny vary. Andrahoina miaraka amin'ny korizety sy voatabia ny vary. Tonga dia asiana sira ka atao vary maina. Rehefa kely sisa tsy ho masaka ny vary dia asiana tongolo gasy sy persila voatetika. Rehefa masaka dia rarahana menaka amin'izay. Tsara raha hasiana lasary karaoty sy ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny atao mba tsy hampiraikitra ny nahandro amin'ny lapoaly

Torohevitra momba ny resaka fandrahoan-tsakafo indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny hatao mba tsy hiraikitra amin'ny lapoaly ny nahandro. Noho ny lapoaly tsy dia mahamay loatra rehefa hampiasa azy, no mahatonga ny sakafo hiraikitra. Indraindray anefa dia ny akora nanamboarana ilay lapoaly mihitsy no mampiraikitra izay sakafo endasina aminy. Indro àry ny fomba tsotra kanefa tena mandaitra, tsy hampiraikitra ny lapoaly rehefa manendy zavatra aminy. Akora ilaina: diloilo kôkô, sira vovony 1 tsongo, mosoara taratasy. Fikarakarana: apetraka eo ambony afo somary malefaka ny lapoaly ary alefa ao ny diloilo kôkô. Avela hitsonika tsara ary aparitaka manerana ny lapoaly. Rehefa misy diloilo kôkô avokoa ny faritra rehetra amin'ny lapoaly dia ariana izay ambiny eo. Rarahana sira amin'izay fatra mahasarona ny atiny ilay lapoaly. Kosehana amin'ny alalan'ny mosoara taratasy sy ilay sira nararaka tao anatiny ny lapoaly avy eo.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Amparafaravola any amin'ny faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Amparafaravola any amin'ny faritra Alaotra Mangoro indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ity tanàna ity no renivohitry ny distrikan'Amparafaravola, Kaominina andrenivohitra izy, amin'ny faritra Ampitandrefan'ny farihin'Alaotra no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana ihany izy satria 792 m no haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mamoka-bary ity faritra ity, be trondro ihany koa, hazandrano avy amin'ny farihin'Alaotra.



## Deotoronomia 18: 18-19

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 120), Madagasikara 16 martsa 2019

***Deotoronomia 18: 18-19 "Mpaminany no hatsangako ho azy avy amin'ny rahalahiny, tahaka anao, ka hataoko ao am-bavany ny teniko, ary holazainy aminy izay rehetra handidiako azy. Ary izay rehetra tsy mihaino ny teniko, izay holazainy amin'ny anarako, dia Izaho no hitsara azy".***

Ry mpamaky sy mpihaino, betsaka sady maro no tsy mahalala fahamarinana. Aiza moa ka IZAHO JEHOVAH indray no tapenam-bava tsy avela hiteny ny sitrapoko sy ny maha IZAHO AHY. Sahinareo ny miteny hoe: tsy misy intsony ny mpaminany e! Izay misy eo dia sandoka e! Aza mifandray amin' ireny e! Mpamita-bahoaka e! Sns... raha vao miteny toa izany hianareo dia IZAHO JEHOVAH no tsy ekenareo sady tsy tianareo koa. Izao ary e! Dimy ve ny ministera raha esorina ny iray? Ministera ve ny ministera izay natsangako raha tsy feno amin'izay ilaiko azy? Raha vao misy latsaka ireo na banga, mandeha ve izany ASA fanompoana izany? Sain'olombelona no misy amin'izany asa izany, mandringa, milongilana, tsy tody amin'izay ilana azy. Ohatra: manaova trano anie ianao e! Atsangano, asio varavarankely sy varavarana, fenoy entana fa aza asiana tafo. Trano ve izany? Mpamboly ve hianao? Ananana ny tany, anananao ny masomboly, anananao ny zezika fa tsy anananao ny tetik'adin'ny fambolena : rahoviana? Inona ny fitaovana? Sns... ny tiako ambara dia izao: mpamboly ve izany olona izany? Hainy ve ny atao hoe fambolena? Toy izany koa ny ASAKO ry olombelona o! Tsy hainareo raha tsy ampianariko hianareo; Mandringa ny ASAKO, tsy tanteraka, tsy vita. Ary ny tena mampalahelo dia ity atao hoe "**mpaminany**" ity no olana eo amin'ny fanompoana an'i JESOSY satria nahoana? Tsy fantatrareo ny dikany ary tena maizina sy manjavozavo aminareo mihitsy ny antom-pisiany hany ka malahelo AHO JEHOVAH. Ity misy fanontaniana ry olombelona o! Ny rehetra dia samy manao ny asany avy fa raha vao ny mpaminany no manao ny anjarany dia mikorontana ny olona, mitabataba, voaelingelina ny maro, tsy afaka miasa ny mpaminany satria tsy dia voafaritra ny asany fa dia misy ny tsikera, ny fanenjehana, ny fanosoram-potaka, raikitra ny fanilikilihana sy fanavakavahana ary ny fankahalana indrindra moa fa ny tsy fanomezana andraikitra fa misy devoly sy fanahy mamitaka ka sao dia mifindra. Indro IZAHO mihitsy no manazava ny atao hoe "**mpaminany**" mba tsy hafangaronareo amin-javatra hafa. Matetika dia afangaron'ny olona ny "**MPAMINANY**" sy ny "**Fanomezampahasoavana maminany**" (manana fanambarana). **Ny tena atao hoe "mpaminany" dia olona nomena iraka manokana ho an'ny mpitondra Fanjakana, mpanjaka na mpanapaka, Fiangonana, Tanàna, *II Tantara 12: 5-6*** *"Ary Semaia mpaminany tonga tao amin-dRehoboama sy ireo mpanapaka ny Joda, izay tafangona tany Jerosalema noho ny amin'i Sisaka, ka nanao taminy hoe: Izao no lazain'i Jehovah: Hianareo efa nahafoy Ahy, koa Izaho kosa dia mba nahafoy anareo ho eo antànan'i Sisaka. Dia niaiky ireo mpanapaka ny Isiraely sy ny mpanjaka ka nanao hoe: Marina Jehovah."* Iraka ho amin'ny tanàna izy mba hamerina ny olona AMIKO JEHOVAH satria tafaala TAMIKO, very, ***II Tantara 24: 17-19*** *"Ary rehefa maty Joiada, dia avy Ireo mpanapaka ny Joda ka niankohoka teo anatrehan'ny mpanjaka. Dia nihaino azy ny mpanjaka. Ary nandao ny tranon'i Jehovah, Andriamanitry ny razany, ireo ka nanompo ny Aseraha sy ny sampy dia nisy fahatezerana nihatra tamin'ny Joda sy Jerosalema noho ny fahadisoany. Ary naniraka mpaminany tany aminy Izy hampiverina azy amin'i Jehovah; dia nananatra azy mafy ireo, nefa tsy nety nihaino izy."* Hitanareo amin'izany, efa ela ny olona no mafy hatoka sy manamafy ny fony tsy mety mihaino. Izany no antony anirahako mpaminany mananatra azy ireny. Anisan'ny asan'ny mpaminany izany. Tsy safidiny koa izany, tsy hoe izy no te hiteny sy te- hananatra fa IZAHO no maniraka azy. Rehefa maniraka mpaminany AHO dia tsy mino ny olona ary mitady izay hamelezana azy ireny, ***Jeremia 18: 18*** *Dia hoy ny olona: Andeha isika hihevitra izay hamelezana an'i Jeremia; fa tsy ho tapaka tsy akory ny lalàna avy amin'ny mpisorona, na ny saina avy amin'ny hendry, na ny teny avy amin'ny mpaminany. Aoka ny vavantsika ho enti-mamely azy, ary aoka tsy hohenointsika akory izay teniny."* IZAHO JEHOVAH rehefa mahita avy aty ambony ny zanak'olombelona.... indreo fa mihodina manompo sampy, mivadika amin'ny FANEKENA, anisan'ny anirahako mpaminany koa izany satria mahafoy ny lalako sy ny fitsipiko ny zanak'olombelona. Moa va tsy tahaka izao andronareo ankehitriny izao? ***II Tantara 24: 17-19***. Ny mpaminany dia mpitondra teny ary ny Teniko JEHOVAH tsy teniny, matetika izy dia maminany ady, loza, areti-mandringana ary tsy zakan'ny olona izany, ***Jeremia 28: 8*** *"Ny mpaminany izay tany alohako sy tany alohanao hatramin'ny ela dia naminany ady sy loza ary areti-mandringana ho amin'ny tany maro sy ny fanjakana lehibe."* Ny mpaminany koa dia ampanoratiko amin'izay tiako hanoratana mba hahalala fahamarinana sy handray anatra avy AMIKO. Nampanoratina i JEREMIA ho any amin'ireo vahoaka babo tany Babylona, ho an'ny mpisorona, ho an'ny mpaminany ary ho an'ny loholona voababo, ***Jeremia 29: 1*** *"Ary izao no fitenin'ny taratasy izay nampitondrain'i Jeremia mpaminany avy tany Jerosalema ho any amin'ny sisa amin'ny loholona voababo sy ho amin'ny mpisorona sy ny mpaminany ary ny vahoaka rehetra, izay nobaboin'i Nebokadnezara ka nentiny avy tany Jerosalema ho any Babylona."* Teto dia ny mpanjaka mihitsy no tsy tia mpaminany sady tsy mihaino ireny ka hoy izy, ***II Tantara 18: 6-7*** *"Ary hoy kosa Josafata: Moa tsy misy mpaminanin'i Jehovah koa va eto mba hanontaniantsika?Dia hoy ny mpanjakan' ny Isiraely tamin'i Josafata: Mbola misy lehilahy iray ihany ahazoantsika manontany amin'i Jehovah, saingy halako izy, satria tsy mbola naminany soa ho ahy izy, fa loza ihany mandrakariva; Mitaia, zanak'i Jimla, no anarany. Dia hoy Josafata: Aza dia manao izany, ry mpanjaka."* Ry mpitondra sy mpanapaka o! Mba vakio ihany izay taratasy soratako ho anareo ary mba anontanio ihany ny mpaminaniko fa ao amin'izy ireny AHO no miteny sy miresaka aminareo ary manafatra anareo, milaza ny hevitro AHO. Mety ho loza ny faminaniana ary mety ho fiadanana koa, mety ho anatra, mety ho fiaraha- miasa araky ny zava-misy.

Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)

# Miara-miasa ny Boriboritany sy ny fokontany amin'ny fanadiovana tatatra

Mampikaikaika ny mponina eny Ankazomanga Atsimo, Boriboritany faha-6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny fahatsentsenan'ny lakandrano, ka mahatonga ny fiakaran'ny rano eny amin'ity fokontany ity isaky ny fotoam-pahavaratra toy izao. Tsy nisalasala ary tonga dia nandray ny andraikiny avy hatrany ireo ekipa mpanadio avy eo anivon'ny Boriboritany faha-6 tamin'ny fanokafana sy fanadiovana ny tatatra vaovao, izay namboarin'ny fokontany, mba hahafahan'ny rano maloto mikoriana tsara araka ny tokony ho izy. Marihana fa ao anatin'ny fanatanterahana tanteraka ny vina 100 andron'ny Ben'ny Tanàna izay tanterahan'ny Boriboritany faha-6 ny fanadiovana tatatra madinika any anaty fokontany toy izao. Nanampy ny ekipa mpanadio avy eo anivon'ny Boriboritany faha-6 ny Rafitra Fidiovana sy Fahadiovana na ny RF2. Nandritra izany asa fanadiovana izany ihany koa dia nanararaotra nanentana ny mponina ny Kaominina mba hanaja ny fahadiovana, hanary ny rano maloto any anaty tatatra ary ny fako any anaty dabam-pako. Ny Kaominina dia manentana ny mponina ary manampy ny Fokontany amin'ny fanadiovana fa ny tsirairay kosa dia manohy sy mitandro izany fahadiovana izany mba tsy hahavery maina ny asa rehetra izay atao.



*Ny fanadiovana tatatra, fiaraha-miasan'ny Boriboritany sy ny fokontany ao amin'ny Boriboritany faha-6.*

***Helisoa***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Manamboatra ny tsenan'ny solomaso ao Andravoahangy

Amboarina amin'izao fotoana ny tsenan'ny solomaso ao Andravoahangy ambany Boriborintany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Mba hialana amin'ireo trano hazo izay mora mirehitra, izay mpitranga matetika, dia nanapa-kevitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra fa hosoloina ireo trano hazo ary hatao trano biriky, etsy amin' ny mpivarotra solomaso Andravoahangy. Miisa 153 ny isan'izy ireo ary hatao mitovy avokoa ny trano fivarotana, ka ireo mpivarotra ihany no miantoka ny fananganana azy, fa ny Kaominina kosa no manara-maso ny fananganana ny fotodrafitrasa, ary manome toerana vonjimaika ho an'ireo mpivarotra, mba hanomezan'izy ireo fahafaham-po an'ireo mpanjifa. Nanomboka omaly ny fandravana ary haharitra iray volana farafahakeliny ny fahavitan'ny asa. Ny fiadidiana ny tanàna tarihan'ny ben' ny tanàna, Lalao Ravalomanana dia mikatsaka ny soa hatrany ho an'ny mponina ao aminy, koa miala tsiny noho ny fanelingelenana mandritra ny fanaovana ny asa, hoy ny fanambarana.



*Ny fanamboarana fivarotana vaovao etsy amin'ny solomaso Andravoahangy.*

***Serge***

## Tolo-tanana

# Mila vonjy aina maika ny zaza menavava antsoina hoe Fandresena

Mila tolo-tanana sy vonjy aina maika ny zaza menavava Andriamanantsoa Sambatra Fandresena , 14 volana. Misy « tumeur » ao anaty atidohany faritra 2, fa ny ilany iray efa voadidy ka nesorina, fa ny iray mbola tsy afaka nesorina hoy ireo mpandidy, satria mbola tena manano-sarotra ny handidiana azy, izany hoe ao amin'ny faritry ny hatoka no misy ilay faharoa. Dia ilay "tumeur" ao no mitarika ny tsy fikorinan'ilay rano ara-dalàna ka tsy maintsy hametrahana valve izy. Ny talata no kasaina hametahana ilay valve hoy ny mpitsabo. Nohon'ny fitsaboana azy efa naharitra 2 volana mahery dia tena lany ny eo am-pelatanana ka tsy afaka hividy ilay valve vaovao ho an'ity menaky ny ainy ity akory ireo ray aman-dreniny. Mitentina eo amin'ny 1.100.000 ar eo ny vidin'ilay izy. Ho an'izay afaka manolotra izay voatsirambin'ny tanana dia ity ny laharan-dry zareo mivantana : Mvola : 0347170677: Andriamanantsoa Alideraniaina Luc; 0347636268: Andrianaivo Helizo Tahina Tafita Sambatra. Ao amin'ny Hôpitaly HOMI - efitra 515 izy ireo.



*Ilay zaza menavava mila tolo-tanana eny amin'ny Homi.*

***Ny Valosoa***

BNI ANDRANONAHOATRA ITAOSY

## Olona handrotsaka vola voatafika, niparitaka ny volabe

Nisehoana trangana tsy fandriampahalemana indray teny Itaosy distrikan'Antananarivo Atsimondrano iny omaly maraina. Olona handrotsaka vola na hanao versement tao amin'ny banky BNI Andranonahoatra no nisy nanafika, raha iny izy hiditra tao amin'ity banky ity. Notifirin'ireo bandy roalahy nitondra scooter iny olona saaika handrotsaka vola ity, ka naratra izy vokatr'izany, nifandroritana ny vola nentiny ka niparitaka, nisy ny lasan'ireo jiolahy, fa nisy koa ny taferina tamin'ilay olona nitondra azy, rehefa nampian'ny mpitandro filaminana sivilin'ny banky izy. Lasa nirifitra kosa ireo jiolahy satria tsy vitany hatramin'ny farany ny operation na ny fanafihana miharo halatra izay nataony. Rah any fahafantarana azy dia efa narahan'ireo jiolahy avy any ity olona saika handrotsa-bola ity, ka tao amin'ny banky vao tratrany, ka nitrangan' izao fanafihana mitampiadiana izao. Efa manao ny fanadihadiana ny mpitandro filaminana eny amin'ny faritra Itaosy Atsimondrano iny amin'izao fotoana.



*Banky BNI eny Atsimondrano.*

**Ny Valosoa**

Fanamarihana ny 29 martsa 1947

## Toa mbola mantamanta ny fanomanana

"1947 Tolom-panafahana taratry ny hambompompirenena, antoky ny fandrosoana". Io no lohahevitra entin'ny fitondrana hankalazana ny tolompanafahana nitakiana ny fiverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara. Raha voaboasana tsotra ilay lohahevitra dia io daty malaza io no tena namaivay ny fitakiana nataon'ireo mahery fo niadiana tamin'ny Frantsay mpanjanatany. Nanerana ny faritra maro io hetsika io ary azo lazaina fa niainga tamin'izay no nampipoitra ilay itarafana ny tena hambompon'ny Malagasy, ka hirosoana mankany amin'ny fandrosoana. Efa antomotra izao io datin'ny 29 martsa io kanefa toa mangingina sy tsy dia rototra loatra ny fitondram-panjakana hikarakara izany, toa mbola mantamanta ny fanomanana. Hatramin'izay anefa dia samy nikofokofa avokoa, na mpanao politika, na fikambanana samihafa, fa indrindra ny eo anivon'ny fitondram-panjakana. Io andro io no isehosehoana fa tena tia tanindrazana tokoa izy ireo, hizarana vary, menaka sy fihinanambe mihitsy. Tsy tokony ho fety toy izany anefa izy io fa tokony ho fisaonana aza. Mifanindran-dalana amin'ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny faha 27 ny volana Mey koa izy ity ary tsy maintsy hisy indray izany ny famafazana vola etsy sy eroa. Sitrany ahay mba ho fanta-bahoaka. Mangingina hoy isika ireo mpikarakara satria tsy mahamaika azy intsony izany fa efa eo am-pelentanany ny fahefana, ireo tompo-manakely mpitady toerana sisa no mitady ranondranony, mikaroka vola hanasongadinana ny tenany. Any amin'ny faritra, toa an'i Moramanga sy ny faritra Amoron'i Mania sy ny hafa dia io 29 martsa io no anisany zava-dehibe amin'izy ireo, ankoatra ny fety hafa ary tena mahatsiaro ireo Ray aman-dreny Tia Tanindrazana tokoa izy ireo. Tena Tia tanindrazana sy manana ilay hambompom-pirenena tokoa ary ve ny mpitondra amin'izao fotoana izao? Raha ny tsapa hatramin'izao dia fitondrana bolokimèbazaha ity fitondrana Andry Rajoelina ity.

**Rajaonarimpanontsana**

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Mitohy ny fanalana lobolobo, fanesorana ranom-potaka sy fasika

Mitohy hatrany ny fanadiovana ataon'ny Boriboritany faha efatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'izao fotoana izao . Raha ny omaly dia niompana tamin'ny fanalana ireo ahitra, na ny désherbages izany , miampy ny fanesorana ireo ranom-potaka sy fasika izay mameno ny arabe . Ny faritra Tsimbazaza mipaka any Fiadanana no nanaovana ny hetsika, marihana hatrany fa iny faritra iny dia anisan'ny faritra mena noho izy mangina, ka hitrangana asa fanendahana sy fanolanana matetika . Nesorina tamin'izany koa ireo lobolobo maro izay mety hanaovan'ny mpanao ratsy ny asany. Tsikaritra teny amin'iny faritra iny ihany koa ireo ekipa hafan' ny boriboritany izay nanao ny fisokirana ireo tatatra izay tena tsentsina ihany koa, ka teny amin'ny faritra Andoharano no nahitana an'izy ireo . Marihana fa isan'andro dia miasa tsy ankijanonana ireto farany anatanterahana ny vina dia ny mba hananana tanàna madio ho lavitry ny loto sy ny aretina.


*Asa no tanterahan'ny Boriboritany faha-4 teny Tsimbazaza ka hatreny Fiadanana.*

**Aly**

Fitsarana Ambony Mahajanga

## Nahazo tonia mpampanoa lalàna ambony vaovao

Araka ny didim-panjakana laharana 2018-1640 dia voatendry ho tonian'ny mpampanoa lalàna ambony eo anivon'ny Fitsarana ambony any amin'ny faritanin'i Mahajanga, Andriamatoa Antoine. Ny Zoma teo no notanterahana tao amin'ny Fitsarana ambony Mangarivotra Mahajanga, ny lanonana ara-pitsarana fametrahana ny tonia mpampanoa lalàna ambony vaovao. Nitarika izany ny Mpitahiry ny fitombokasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana, Randrianasolo Jacques, niaraka tamin'ireo fianakaviamben' ny mpitsara. Nanotrona teny an-toerana ireo olom-panjakana sivily sy miaramila avy ao an-toerana notarihin'ny Préfet an'i Mahajanga sy ny lehiben'ny faritra mpisolotoerana any Boeny, Bazezy Vanombe. Teraka ny 13 Septambra 1955 tao Ambanja, faritra Diana Andriamatoa Antoine, manambady ary manan-janaka iray. Magistrat de premier grade izy. Afaka Baccalaureat serie A1 tao amin'ny Lycée Philibert Tsiranana, nanaraka ny sampam-pianarana lalàna Droit privé tao amin'ny Oniversiten'Ankatso, Antananarivo ary nahazo ny diplôme de l'Institut d'Etude Judiciaire. Afaka fanadinana hidirana ho mpitsara ny taona 1989. Efa tonia mpampanoa lalàna tao amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany tao Mahajanga Andriamatoa Antoine ny volana Janoary 2010 hatramin'ny Aogositra 2014, ary Mpisolovava ambony tany amin'ny Fitsarana ambony any Mahajanga kosa talohan'izao nahavoatendry azy ho tonia izao. Efa nanao fianaran'asa maromaro ny tenany, anisan'izany ny tany amin'ny Tribunal de Grande Instance tany La Réunion. Manana ny mari-boninahitra Chevalier de l'ordre national, Officier de l'ordre national, Commandeur de l'ordre national malagasy ary ny Grand officier de l'ordre national malagasy Andriamatoa Antoine. "Tsy tokony hanao mpitari-bato vilam-bava ny mpitsara", izany no anisan'ny hafatra nataon'ny tonian'ny mpampanoa lalàna ambony vaovao raha nandray fitenenana. Ary tsy handefitra ny Fitsarana amin'ireo izay mihevitena ho tsy maty manota sy ho an'ireo izay fahavalon'ny vahoaka hoy ihany izy.


*Ny tonia mpampanoa lalàna vaovao any Mahajanga.*

**Isambilo**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky ary indrindra ireo tompon'andraiki-panjakana izao manaraka izao. Tafiditra am-ponja vonjy maika i Jean Chrisse. Nisy vaovao nilatsaka ny alin'ny sabotsy teo nilaza fa naiditra vonjy maika ao Antanimora i Jean Chrisse na fantatry ny maro hoe Zoky Lava, izay filohan'ny fikambanana Zanaka ny Faritra Sofia eto Antananarivo. Mampieritreritra sy nahataitra ny maro izany fisehoan-javatra hafahafa izany. Misy aza ny manontany tena hoe sao lahy misy ambadika politika izao zavatra izao, indrindra amin'izao ankatoky ny fifidianana solombavambahoaka izao. Tsiahivina fa tale nisahana andrikitra tao amin'ny ministeran'ny Asa Vaventy (Travaux Public) i Jean Chrisse. Araka ny loharanom-baovao voaranay dia mety raharaha mahakasika ny kojakoja ilaina amin'ny birao (fournitures de bureau), na ny mahakasika ny fanamboarandalana tany Antsiranana no isany mety ho antony anenjehana azy izao. Ity loharanombaovao ity dia milaza fa ny fanamboaran-dalana izay saika ho tanterahina tany an-toerana nefa voatery novaina am-pahadalana hafa noho ny laharam-pahamehana, izay mitovy tolo-bidy tamin'ny ampahan-dalana voafaritra tany amboalohany ny sandan'izany, izay tanteraka ary vita soa aman-tsara araka ny vaovao amin'io lalana io. Izao zava-misy izao no miteraka ahiahy amin'ny olona maro. Efa eo ampelan-tanan'ny fitsarana ny raharaha. Ho hadihadianay akaiky ity raharaha ity ka irariantsika mba hivoaka ny marina sy ny rariny. Arahitsika eo ny tohiny.

***Jack Mitt***
***Zanaka ny Faritra Sofia,***
***Lgt..... Ambohipo Antananarivo***

## SARIITATRA : Ho aiza ny mpanao saribao amin'ity ethanol?



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**16/03/19 hatramin'ny 23/03/19**

**- DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

**- M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22

**- TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

**- HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

**- PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 888-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**SIF, Alliance Voahary Gasy, PACT**

## Nojerena ny vahaolana hitantanana maharitra ny harena voajanahary

Nanatanteraka atrik'asa lehibe naharitra 3 andro tany Maroantsetra, faritra Analanjirofo, hoentina hitadiavam-bahaolana miaraka, mahakasika ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary : ny SIF na ny Sehatra Ifoton'ny Fananantany, niaraka tamin'ny mpiaramiombon'antoka, nahitana ny Alliance Voahary Gasy sy ny PACT amin' ny alalan'ny famatsiambolan'ny USAID, na ny sampan-draharaha Amerikana momba ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena. Anisan'ny faritra eto amin'ny Nosy mbola ahitana harena voajanahary maro ary tsy hita afa-tsy eto amintsika any amin'iny distrikan'i Maroantsetra iny, toy ny ao amin'ny valanjavaboaharin'i Masoala, ao amin'ny Nosy Mangabe,… nahatonga ny fanaovana izao fikaonandoha lehibe izao. Misy ihany ankehitriny ny minia manimba izany harena voajanahary izany any an-toerana, ka mahatonga izao fanentanana izao.



***Aly***

Bongolava

## Potiky ny bibikely ny vary eny an-tsaha

Ratsy ny taom-pambolena vary amin'ity taona ity ho an'ny faritra Bongolava sy ny manodidina, tsy nisy niangana ny vary efa andrasana ny fitomboany, bibikely tsy fantatra anarana no mikiky ny tahombary ary dia simba tanteraka ny voly. Nisy tamin'ireo tantsaha nahita ny tranga no efa nampiasa ireo fanafodim-biby toy ny gaz saingy dia nandamoka izany, ny any ambanivohitra izay tsy mahatakatra ny vidim-panafody dia niezaka nampiasa izay fahaizany amin'ireo teknika tsotra toy ny lavenona saingy dia mbola tsy nisy vokany ihany. Mikaikaika arak' izany ireo mpamboly manahy ny tsy hisian'ny vokatra , efa misy sahady ny mpambongady manana ny sain-dratsy hanidy ny tahiriny hitsinjovana ny fiakaran'ny vokatra amin'izao fotoana izao. Manoloana io tranga io , nidina nijery ifotony ny eo anivon'ny DRAE Bongolava , nijery ifotony ny teny an-tsaha. Raha tsiahivina dia ny voly katsaka no nahita faisana tamin'ilay lolo mpanimba voly , izao indray dia ny vary koa no manao ny ataony.

***Serge***

Varotra sy fanjifana

## Ho volana feno fifaliana ny volana martsa miaraka amin'ny Baolai

Amin' ny vanim-potoana toy izao dia maro ireo izay manavao ny ao an-tokantrano ao. Ao anatin' izany dia vao nahatonga entana maro ny Tranombarotra « Baolai ». « Amin' izao fotoana izao dia misy fihenambidy amin' ireo Panneaux solaires mono sy polychristalline ato aminay. Ny entana lohalaharana amin' ny kalitao hita ato dia mety amin 'ny fahefamividy sy ny filany ny tsirairay. Toy ny télé led, misy manomboka 19 " hatramin' ny 100", misy antoka 1 taona, subwoofer, four micro - onde, fer à lisser (volo ), machine à laver, camera de surveillance à distance, lecteur divx/dvd, réfrigérateur, synthétiseur, sns… » hoy ny tompon' andrikitra. Izany rehetra izany dia ho hita ao amin'ny Bazar be Toamasina, eo Analakely eo ampitan' ny Epp, Avenue de l' independance, sy eo ampitan' ny Kaominina ( eo akaikin' ny Arrêt taxi- be 137) ary etsy Soarano ( eo ampintan' ny Firaisana I, ao amin' ny Seg sy eo ampitan' ny Epp Soarano). Ny tranombarotra « Baolai » dia handray anjara ao anatin' ny « salon Asia » etsy amin' ny Zone Forello Tanjombato manomboka ny 30 martsa hatramin' ny 07 aprily 2019 ho avy izao. Ho volana feno fifaliana tokoa ity martsa 2019 ity miaraka amin' ity Tranombarotra fanta-daza iray ity.


***Aly***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 275**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0274)

***Mitsivalana***
- Filohany
- Olona – IV
- Tohatra
- Avo – Na
- Fa (Miv) – Reko
- Nentiny
- Atao – Ana

***Mitsangana***
- Fotoana
- Ilo – Fet(y)
- Loha – Na
- Vano (Miv) – To
- Hatory
- Ena
- Niankin(a)
- Vy (Miv) – Ao

### TENY MIFANARAKA N° 275



**Mitsivalana**

**1.** Mifady hanina **2.** Menaka – Alon-drano masina **3.** Be taona **4.** Kere – Taova eo afovoany **5.** Paska – Entina manontany **6.** Bibikely amin'ny volo – Nizara roa (Miv) **7.** Efatra – Hita amin'ny karatra isan-karazany **8.** Izao rehetra izao – Ao amin'ny Tily **9.** Solfà – Manao ahoana **10.** Alika – Ranom-pary mahamamo (BR)

**Mitsangana**

**A.** Mpitsikera ny marina **B.** Kianteny – Mivadika (Miv) **D.** Poketra **E.** Aizina – Matoanteny **F.** Korontana an-dalambe – Feo miverina (Miv) **G.** Faran-teny (Miv) – Simba, masiso **H.** Tsy afa-miteny (BR) – Volla tsy voaloa (Miv) **I.** Mpanoritra (Miv) – Teny ratsy – Mpanondro **J.** Volana **K.** Mampisafidy – Endrika amam-bika (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0274

**Mitsivalana**

1 Fanorona 2. Alamo - Iny 3. Lambamena 4. Anio (Miv) 5. An - Jirama 6. Inona ? - Vany (Miv) 7. Voa - Tehaka 8. Njola 9. Tia - Orana (Miv) 10. Fo (Miv) - Mihatra (Miv)

**Mitsangana**

A. Faly - Ivato B. Ala - (V)ano - If D. Namonoana E. Omby F. Raanjato G. May - Tale (Miv) H. Rihana I. (F)aingana - Ha (Miv) J. Na - Mokary K. Sy - Sava - OM

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana mivady sy ny antoko TIM ary ny CUA nitsapa alahelo ny fianakavian'i Manandafy Rakotonirina, ny alahady hariva teo.










Ny fifampiarahabana tratry ny taona tao amin'ny Boriborintany faha-2 ny sabotsy teo.







